Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Ilay zanaka mpanjaka tonga mpiandry ondry

Nosoratan'i: Edward Hughes
Sarin'i: M. Maillot; Lazarus
Nampifanarahin'i: E. Frischbutter; Sarah S; Alastair P.
Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar
Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

BFC
PO Box 3
Winnipeg, MB R3C 2G1
Canada
©2022 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.



Indray andro i Mosesy dia nahita Egyptianina iray nikapoka andevo Hebreo.

Na dia notezaina sy nobeazina tahaka ny zanaka mpanjaka tao an-dapan'i Farao aza i Mosesy, dia teratany Hebreo tahaka ilay andevo ihany koa. Tsapany noho izany fa tokony hanampy ilay andevo novonoina izy.

3

Nijerijery ny manodidina i Mosesy, ka raha vao hitany fa tsy nisy olona mety hahita azy, dia nitsangana nanohitra ilay lehiben'ny andevo ratsy fanahy izy. Matiny ilay Egyptianina ary nasitriny haingana toy ny tsy teo ny fatiny.



4

Ny ampitso, nahita Hebreo roa lahy niady i Mosesy. Nanandrana nanasaraka azy ireo izy. Ary hoy ny anankiray tamin'izy ireo taminy: "Hovonoinao tahaka ny namonoanao ilay Egyptianina koa ve aho?" Natahotra mafy Mosesy satria hay fantatry ny olona rehetra izany ny zavatra niseho omaly. Na ny Farao koa aza nahafantatra. Voatery nandositra izy noho izany. Ka dia nandeha nialokaloka tany amin'ny tany Midiana.



5

Raha iny niala sasatra tsy lavitra ny fatsakana iray iny Mosesy, indreto fito mirahavavy, zanakin'ny mpisorona ao Midiana, tonga nameno ny tavin-dranony mba hampisotroana ny ondry aman'osin-drainy.



6

Nisy mpiandry ondry hafa teo nandroaka azy ireo. Nahita izany i Mosesy dia niaro sy nanampy ireto zazavavy.

7



"Nalaky nody ianareo izany!" hoy Rehoela, rain'izy fito mirahavavy, raha vao nahita azy ireo. Rehefa nohazavain'izy ireo tamin'ny rainy ny anton'izao, dia hoy ny rainy taminy: "Mandehana tadiavo ary antsoy mankaty izany tovolahy izany."



8


Ary Mosesy nonina tao amin'i Rehoela, izay antsoina ihany koa hoe Jetrao. Taty aoriana dia nampakatra ny zanaka vavimatoan'i Rehoela ho vady izy.
9

Taty aoriana ela nodimandry ny Faraon'i Egypta. Ireo vahoakan'Andriamanitra sy ny Hebreo tamin'izany dia mbola andevo hatrany.
Mitaraina mafy ny amin'ny jaly mahazo azy izy ireo! Nivavaka sy niantso vonjy tamin'Andriamanitra. Nandre ny fitarainany Andriamanitra.
10


Tsy fantatry Mosesy fa efa nanomana azy ho fitaovana hoentina hanafaka ny andevo Hebreo Andriamanitra. Efapolo taona izay no lasa tao aorian'ny nandaozan'i Mosesy an'i Egypta. Mpiandry ny ondrin'i Rehoela rafozany no asany.
Na dia teo aza izany, nahatsiaro foana ny vahoakany any Egypta izy.
11

Indray andro, nahatsikaritra lobolobo nirehitr'afo i Mosesy. Gaga izy satria tsy levon'ilay afo ilay lobolobo, ary dia nanapa-kevitra ny hizaha akaiky ny anton'izany.
12


Raha iny nanatona hijery iny i Mosesy, Andriamanitra dia niantso azy avy tao anatin'ilay roimemy ka nanao hoe: "Mosesy!" "Inty aho!" "Aza manatona loatra!" hoy Andriamanitra. "Esory ny kapanao fa tany masina ity toerana ity."
13

Ary hoy Andriamanitra taminy: "Hirahiko ho any amin'i Farao ianao, hanafaka ny oloko any Egypta." Saingy natahotra ny handeha ho any i Mosesy.
14

Nasehon'Andriamanitra taminy noho izany ny fahefany. Novainy ho tonga bibilava ny tehin'i Mosesy.

15

Rehefa noraisin'i Mosesy tamin'ny rambony ilay bibilava dia niverina indray ho tehina toy ny teo aloha ihany. Nanome famantarana hafa ho azy koa Andriamanitra.



16

"Apetraho eo amin'ny tratranao ny tananao!" hoy Andriamanitra taminy. Dia notanterahany izany. Rehefa izay, indro tonga fotsy ny tanany ary rakotry ny habokana.

17

Rehefa noesoriny teo anefa ny tanany dia niverina tamin'ny laoniny indray.

18

Na izany aza mbola nanohitra an'Andriamanitra foana i Mosesy. Hoy izy tamin'Andriamanitra: "Tsy mahay miresaka aho". Tezitra mafy Andriamanitra noho izany: "Hampiasaiko i Arona rahalahinao hitondra ny teny izay holazainao aminy."

19

Niverina tany amin'i Jetrao rafozany Mosesy naka ny entany, ary nandeha tany Egypta.



20

Nentin'Andriamanitra i Arona mba hihaona amin'i Mosesy rahalahiny any an-tendrombohitra. Notantarain'i Mosesy tamin'i Arona ny tetik'Andriamanitra hanafahana ny vahoaka Hebreo eo an-tanan'ny Egyptiana. Niaraka nitondra ny vaovao tany amin'ireo lehiben'ny Hebreo izy mirahalahy. Rehefa naneho ny famanta-rana tamin'ireo zokiolona i Mosesy, dia fantatr'izy ireo fa hanampy azy Andriamanitra. Ary dia niara-nandohalika nidera an'Andriamanitra izy rehetra.

21

Tamim-pahasahiana lehibe no nandehanan'i Mosesy sy Arona nihaona tamin'i Farao. Hoy izy ireo taminy: "Mandidy anao Andriamanitra, Avelao handeha ny olony."

22

"Tsy hamela ny Israelita handeha izany aho" hoy i Farao, raha namaly azy ireo. Tsy te-hankato an'Andriaman-itra izy. Voatery hampiasa ny fahefany lehibe Andriamanitra mba hampiova hevitra an'i Farao.

23

Ilay zanaka mpanjaka tonga mpiandry ondry

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Eksodosy 2-5

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

24

Tapitra

10 60

25

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16

26